# Ilay Voa Tsara Nafafy 20 Oktobra 2018

# 20 Asabotsy oktobra

***(Hoy Jesosy :)* Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo.** Jaona 15. 11

**Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo ; hoy izaho indray : Mifalia.** Filipiana 4. 4

## Fifalian'ny kristiana

Ahoana no nahafeno fifaliana an'i Jesosy, fony Izy tetỳ an-tany ? Nefa dia toe-java-mampalahelo no hitany, satria fantany tsara ny tsy fahatanterahana rehetra ao amin'ny fon'ny zanak'olombelona ! Hitany ny fahorian' ireo izay nifanena taminy, takany ny nanjo azy ireo, ary nampitony azy ireo Izy. Hitany ihany koa ny tena loharanon'i dia ny ota, ary nampahory Azy ny nahita fa ny olombelona dia andevon'ny filàny. Mahalana no mba nisy olona nifanara-tsaina taminy : noderainy ny finoan' ilay kapiteny romana, nahafaly Azy ny fitiavana feno fankasitrahana tao amin'i Maria (Lioka 7. 1-10 ; Jaona 12. 1-3).

Afaka nifaly mandrakariva anefa Jesosy, satria nifaly noho ny fifandraisany tsy tapaka sy feno fahasambarana tamin'ny Rainy, fifandraisana tsy misy rahona na fiatoana. Na tao anaty toejavatra faran'izay sarotra aza Izy, dia niombona tamin'Andriamanitra Rainy hatrany, nanao mandrakariva ny sitrapon'Ilay naniraka Azy. Tsy nisy na inona na inona afaka nampivahavaha na nanapaka izany fifandraisana izany.

Satria mpianatra mahatoky ny apostoly Paoly, dia niaina izany fifaliana izany koa, na tao anaty toejavatra nampitomany azy aza. Ao amin'ny taratasiny ho an'ny Filipiana dia miresaka ny fifaliany izy, isaky ny toko, ary mitaona ny mpino hifaly ao amin'ny Tompo, na dia mampahatsiaro alahelo sy ranomaso koa aza izy. Ary any amina taratasiny hafa dia milaza izy fa „ampahalahelovina, nefa faly mandrakariva" (2 Korintiana 6. 10).

Ao amin'ny Tompo no misy ny loharanon'ny fifalian'ny kristiana. Tsapantsika izany rehefa miaina fiombonana aminy isika.